KABARY momba ny FIVERENANA eto MADAGASIKARA sy ny HOAVY

Rehefa noterena hiala eto Madagasikara izahay, telo taona lasa izay, dia tao anatin'ny Krizy tokoa ny Firenena. Nefa amin'izao fotoana izao, dia manana fanantenana isika ny amin'ny ho avy. Izany dia ahafahantsika nianatra tamin'ny zavatra izay nitranga teo aloha, sy ahafahantsika manana traikefa momban'ny fandraisana andraikitra sy ny laharam-pahamehana amin'ny ho avy.

Mino aho fa ny fiverenako dia hamporisika antsika bebe kokoa amin'izany fitsinjovana ny ho avy izany, manoloana ny lesona azontsika avy amin'ny fiainam-pirenena. Araka ny hevitro, dia voalohany indrindra, fahadisoana lehibe no vita rehefa tsy hajaina ny safidin'ny vahoaka. Ny volana Martsa 2009, dia voamarika tamin'ny fandraisam-pahefana tsy araka ny lalam-panorenana, izay niteraka ny tsy fahaiza-mitantana sy ny fanjakan'olon-tokana.

Tsy tokony miverina intsony izany, satria midika ho tsy fanajana ny maha izy azy ny Malagasy sy ny zon'Olombelona mihitsy.

Mila fantatsika fa ny vahoaka Malagasy no tompom-pahefana, ary tsy misy Governemanta, afaka miseho ho manam-pahefana nefa tsy manana ny fanohanan'ny vahoaka.

Ny lesona faharoa azontsika tsoahana dia ny hoe: afaka mifamela heloka sy mihavana ny Malagasy. Ny mpanao politika, afaka manohy miady sy mifampiatsara ivelatsihy, fa ny vahoaka kosa, afaka mijery ny hoaviny mba ahafahana manajanona izao olana sedrain'ny Firenena izao.

Na dia teo aza ny Krizy, nandritr'izay taona maro izay, dia manana finoana isika, fa afaka mamerina ny maha izy azy antsika raha miasa miaraka.

Ny tombotsoam-pirenena no zava-dehibe kokoa nohon'ny tombotsoan'ny vitsy an'isa. Raha manana Firenena salama isika, dia afaka mandray vokatsoa avy amin'izany.

Tsy tokony miankina amin'ny Vondrona iraisam-pirenena sy. ny Mpamatsy vola fotsiny isika. Tokony fantatsika fa isika no tompo-marika voalohany indrindra amin'ny fampivoarana ny Firenentsika.

Ny tetezamita dia tokony ahafahantsika mandray lesona ny amin'ireo laharam-pahamehana, ny amin'ny ho avy. Ary tokony hitondra antsika amin'ny fampihavanana sy fanasitranana ireo ratra vokatry ny krizy.

Tokony ampiharina ny famelan-keloka, ary tsy tokony idiran'ny politika intsony ny Fitsarana. Ny Miaramila dia tokony hiaro ny vahoaka ary tokony mitsahatra amin'ny fanaovana politika. Mila volena ihany koa ny fahaizana manaja ny lalam-panorenana sy ny

Demokrasia. Ary tsy tokony ekena intsony ny fanitsakitsahana ny lalam-panorenana, sy ireo andrim-panjakana napetraka tamin'ny fomba demokratika.

Amin'izao fotoana izao isika, dia ao anatin'ny Tetezamita izay notendren'ny Mpanao politika sy ny Diplomaty. Fa ny Tetezamita tena izy dia izay notendren'ny Vahoaka Malagasy.

Manasa anareo aho, mba hiditra an-tsehatra amin'izany tetezamita izany, ary hitazona ny mpanao politika ho tompon'andraikitra amin'izay rehetra ataony. Ianareo no tsy maintsy mametra hoe, karazana ho avy manao ahoana no tianareo atokana ho an'I Madagasikara?

Tsapako tokoa ny anjara andraikitro eo anivon'ny Firenena, ary fantatro fa ny vehivavy voalohany eo amin'ny Firenena dia tokony miseho ho modely. Ny vehivavy dia, mandray anjara betsaka, amin'ny fampitambarana sy ny fampihavanana any amin'ireo Firenena izay voakasiky ny Krizy ary tokony manao izany isika. Tsapako, fa mila manome fanantenana ny vehivavy Malagasy isika, ary mamporisika azy ireo, handray anjara amin'ny Tetezamita. Ny vehivavy no ivon'ny Fianakaviana, fahasalaman'ny Firenena, sy fahasalaman'ny Fianakaviana.

Nijaly loatra i Madagasikara. Ka isika vehivavy dia mila manome antoka amin'ny fampivoarana. Ary izay no imasoako, andro aman'alina. Mino aho fa ny modely izay omeko, dia ho porofo mivaingana ho an'ny vehivavy Malagasy rehetra fa samy afaka mandray anjara amin'ny fampivoarana ny Firenena izy ireo, any amin'izay sehatra misy azy avy fa tsy iandrasana ny lehilahy foana. Manantena aho fa ho avy ny andro, hampitambatra ny fianakaviana ho iray indray, hiverenan'ireo izay lasa sesitany any ivelany any ary ny hamotsorana, ireo gadra politika, sy hihavanan'ny Mpanao politika indray.

Isika mpiara-belona amin'izao fotoana izao no tsy maintsy manangana Madagasikara vaovao ary miantso ny fanohanana sy ny fandraisana anjaran'ny tsirairay.

NENY